



Siège national  
47 rue d Clichy  
75311 Paris Cedex 09  
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA  
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**MIAMBENA IANAREO FA TSY FANTATRAREO IZAY ANDRO HIHAVIAN'NY TOMPO  
RESTEZ VIGILANTS CAR VOUS IGNOREZ A QUEL MOMENT VOTRE SEIGNEUR VIENDRA  
(Mat. 24, 42)**

Alatsinainy 25 mey 2020  
*Lundi 25 mai 2020*

**FANOMBOHANA - OUVERTURE**

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

**Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu : Mat. 24, 46 :**

46 Sambatra izany mpanompo izany, raha avy ny tompony ka hahita azy manao izany.  
*46 Heureux le serviteur que son maître, à son arrivée, trouvera occupé à son travail !*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :**

**Hira (Chant) chorale :**

Andeha hiaraka hihaino hira chorale iray isika - *Je vous propose d'écouter un chant chorale pour commencer.*

**Teny fampidirana – Introduction : Ny fahatokiana eo amin'ny fanompoana ny Tompo – La fidélité dans le service du Seigneur**

**FIZARANA 1 – PARTIE 1**

**Teksta 1 – Texte 1 : Mat. 25, 1-13 :**

1 Ary amin'izany ny Fanjakan'ny Lanitra dia ho tahaka ny virijina folo, izay nitondra ny fanalany ka nivoaka hitsena ny mpampakatra. 2 Ary ny dimy tamin'ireo dia adala, fa ny dimy kosa hendry. 3 Fa ny adala nandray ny fanalany, nefa tsy nitondra solika fitaiza, 4 ary ny hendry kosa nitondra solika tao anatin'ny fitondrany sy ny fanalany. 5 Ary raha naharitra ela ny mpampakatra, dia samy rendrehana avy izy rehetra, ka dia natory. 6 Ary nony mamatonalina, dia nisy antso hoe : « Indry ny mpampakatra :

mivoaha mba hitsena azy ». 7 Dia nitsangana ireo virijina rehetra ireo, ka samy namboatra ny fanalany.

8 Dia hoy ny adala tamin'ny hendry : « Mba omeo kely amin'ny solikareo izahay fa efa ho faty ny fanalanay ». 9 Fa ny hendry namaly ka nanao hoe : « Sao tsy ampy ho anay sy ho anareo, fa mandehana mankany amin'ny mpivarotra ianareo, ka mividiana ho anareo ». 10 Fa raha mbola lasa nividy izy, dia tonga ny mpampakatra, ary izay efa niomana dia niara-niditra taminy tao amin'ny fampakaram-bady, ary dia narindrana ny varavarana. 11 Ary rehefa afaka izany, dia tonga kosa ireo virijina teo ka nanao hoe : « Tompoko, tompoko, vohay izahay ». 12 Fa izy namaly hoe : « Lazaiko aminareo marina tokoa : 'Tsy fantatro ianareo'. 13 Koa amin'izany miambena ianareo, fa tsy fantatrareo na ny andro na ny ora.

*1 Alors le Royaume des Cieux ressemblera à dix jeunes filles qui ont pris leurs lampes pour aller à la rencontre du marié. 2 Cinq d'entre elles étaient folles et cinq étaient sages. 3 Celles qui étaient folles ne prirent pas d'huile avec elles en emportant leurs lampes, 4 tandis que les sages prirent, avec leurs lampes, de l'huile dans des vases. 5 Comme le marié tardait, toutes s'assoupirent et s'endormirent. 6 Au milieu de la nuit, on cria : « Voici le marié, allez à sa rencontre » ! 7 Alors toutes ces jeunes filles se réveillèrent et préparèrent leurs lampes.*

*8 Les folles dirent aux sages : « Donnez-nous de votre huile, car nos lampes s'éteignent ». 9 Les sages répondirent : « Non, il n'y en aurait pas assez pour nous et pour vous. Allez plutôt chez ceux qui en vendent et achetez-en pour vous ». 10 Pendant qu'elles allaient en acheter, le marié arriva. Celles qui étaient prêtes entrèrent avec lui dans la salle des noces et la porte fut fermée. 11 Plus tard, les autres jeunes filles vinrent et dirent : « Seigneur, Seigneur, ouvre-nous » ! 12 mais il répondit : « Je vous le dis en vérité, je ne vous connais pas ». 13 Restez donc vigilants, puisque vous ne savez ni le jour ni l'heure [où le Fils de l'homme viendra].*

### **Toriteny 1 : – Prédication 1 : ny amin'ireo virijina 5 adala sy virijina 5 hendry – à propos des 5 vierges folles et 5 vierges sages :**

#### **Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :**

- ho an'ny ankohonana mba – *pour le foyer pour que :*
  - hiomana amin'ny tena foto-javatra ho amin'ny fanompoana izay niantsoan'ny Tompo azy – *chacun prépare ce qui est essentiel dans la mission que le Seigneur a confié à la famille*
  - tsy hisy hanadino ny solika (ny Fiangonana) mampirehitra ny fanala (ny Tenin'Andriamanitra) manazava ny lalana (ny fiainana ny finoana) niantsoan'ny Tompo hzorana – *personne n'oublie l'huile (l'Eglise) qui permet d'allumer la lampe (la Parole de Dieu) qui éclaire la route (la vie de foi) réservée par le Seigneur*
- ho an'ny vahoaka malagasy mba – *pour le peuple malgache pour que :*
  - hahatsapany mandrakariva ny hasarobidin'izany nifidianan'Andriamanitra azy ho firenena hitory ny Filazantsaran'ny Famonjena izany - *il ne perde jamais de vue la valeur de son élection par Dieu pour proclamer son Evangile du Salut*

- hanekeny izany Famonjena atolotry ny Tompo ho fiainany izany – *il accepte le Salut que le Seigneur lui offre pour sa vie*

### Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

#### Hira (Cantique) 432, 1-2 : Mandra-piavin'ny Tompo :

1. Mandra-piavin'ny Tompo, mivavaha,  
Ny Teny tsara nomeny tadidio :  
Ny adidinao, tontosay sy efao  
Mijery ny ataonao ry Ray.

#### Fiverenana :

- Raha mpanompo tsara ianao,  
He, ny Tompo faly aminao,  
Koa tanteraho ireo adidinao,  
Mba ho mpanompo mahaso.*
2. Mandra-piavin'ny Tompo, miasà  
Ampitomboy ireo talenta azonao,  
Vola, fahaizana, aina, hery koa  
No anompoy ny Tompo Tsitoha.

## FIZARANA 2 – PARTIE 2

### Teksta 2 – Texte 2 : Mat. 24, 45-47 :

45 Iza moa no mpanompo mahatoky sy manan-tsaina, izay notendren'ny tompony hifehy ny mpanompony mba hanome azy hanina amin'ny fotoana ? 46 Sambatra izany mpanompo izany, raha avy ny tompony ka hahita azy manao izany. 47 Lazaiko aminareo marina tokoa : Hotendreny ho mpanapaka ny fananany rehetra izy.

*45 Quel est donc le serviteur fidèle et prudent que son maître a établi responsable des gens de sa maison pour leur donner la nourriture en temps voulu ? 46 Heureux le serviteur que son maître, à son arrivée, trouvera occupé à son travail ! 47 Je vous le dis en vérité, il l'établira responsable de tous ses biens.*

### Toriteny 2 : – Prédication 2 : Fanompoana manao ahoana no anompoana ny Tompo ? – avec quels types de service doit-on servir le Seigneur ? :

#### Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

- ho an'ny marary mba - *pour les malades pour que :*
  - tsy ho saronan'ny aretina sy ny hirifiry ny fony ka, sanatria, hanadino ny Famonjena efa nataon'Andriamanitra ho anjarany izy – *la maladie et la douleur ne masquent pas leurs cœurs et qu'ils n'oublient point le Salut que Dieu a déjà opéré pour eux*
  - hahatsapany mandrakariva fa tian'Andriamanitra izy ka handraisany fampaherezana avy amin'izany – *ils sentent toujours l'amour Dieu et qu'ils en soient réconfortés*

- hahatsiarovany fa miara-dalana aminy ny Tompo araka ny fampanantenany hoe « indro , Izaho, momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao » (Mat. 28, 20) – *ils se souviennent que le Seigneur chemine avec eux, selon ce que Jésus a promis en disant « voici, Je suis avec vous tous les jours jusqu'à la fin du monde » (Mat. 28, 20)*
- ho an'ny mpitsabo mba – *pour les soignants pour que* : handraisany hery avy amin'ny fahatsapany fa nofidin'Andriamanitra hitondra fahazavana eo amin'ny fiainan'ny olona izy – *ils ne perdent pas de vue qu'ils ont été choisis par Dieu pour apporter de la lumière dans la vie des gens et qu'ils en soient réconfortés*
- ho an'ireo vao namoy havana akaiky mba – *pour ceux qui viennent de perdre un proche pour que* : miara-miaina ny fahabangana aminy ny Tompo araka ny Teniny hoe « miaraha mifaly amin'izay mifaly ary miaraha mitomany amin'izay mitomany » (Rom. 12, 15) - *le Seigneur partage et comble le vide laissé par le départ selon ce qu'Il dit : « Réjouissez-vous avec ceux qui se réjouissent, pleurez avec ceux qui pleurent » (Rom. 12, 15)*

### Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

#### Hira (Cantique) 283, 1-2 : Manan-jara, ry Jesosy :

1. Manan-jara ry Jesosy, ny mpanomponao,  
Izay natokanao hitondra ny Anaranao :  
Nofidianao ho mpitory ny Fitiavanao,  
Nitokiana ho mpamory ny vahoakanao.
2. Izao no zara-fanompoako voatendrinao,  
Ka ny mafy tsy ahoako hahefako izao.  
Tsy hadosi-pahoriana ny mpiasanao,  
Fa ny Hazo-Fijaliana : lova taminao.

### FIZARANA 3 – PARTIE 3

#### Teksta 3 – Texte 3 : Mat. 24, 48-51 :

48 Fa raha manao anakampo izany mpanompo ratsy fanahy izany hoe : « Maharitra ela ny tompoko », 49 ka dia nikapoka ny mpanompo namany izy ary mihinana sy misotro amin'ny mpimamo, 50 dia ho avy ny tompon'izany mpanompo izany amin'ny andro izay tsy ampoiziny sy amin'ny ora izay tsy fantany, 51 dia hotapahiny roa izy ka homeny anjara any amin'ny mpihatsaravelatsihy : any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify. *48 Mais si c'est un mauvais serviteur, qui se dit en lui-même : 'Mon maître tarde à venir', 49 s'il se met à battre ses compagnons, s'il mange et boit avec les ivrognes, 50 le maître de ce serviteur viendra le jour où il ne s'y attend pas et à l'heure qu'il ne connaît pas. 51 Il le punira sévèrement et lui fera partager le sort des hypocrites : c'est là qu'il y aura des pleurs et des grincements de dents.*

#### Toriteny 3 : – Prédication 3 : Aoka ho mahatoky amin'ny fanompoana ny Tompo isika – Soyons fidèle dans le service du Seigneur :

### Vavaka any an-tokan-trano– Prière à la maison :

- ho an'ny Fiangonana mba – *pour l'Eglise pour que :*
  - samy hanaiky ny Sitrapon'Andriamanitra apetrak'Andriamanitra eo amin'ny fiangonana ny mino tsirairay – *chacun accepte la volonté de Dieu que Dieu a réservée pour sa vie*
  - ho ny fitoriana ny Filazantsaran'ny Famonjena no ho vandoan-draharaha eo amin'ny fiangonana – *la prédication de l'Evangile du Salut soit le centre et le sommet de la vie de l'Eglise*
- ho an'ny Mpitandrina mba – *pour les Pasteurs pour que :*
  - hahatoky hatramin'ny fahafatesana izy mba handraisany ny satro-boninahitra fiainana avy amin'ny Tompo (Apôk. 2, 10) – *ils soient fidèles jusqu'à la mort pour hériter de la couronne de gloire que le Seigneur lui donnera (Apoc. 2, 10)*
  - hahery amin'izany fitoriana ny Filazantsaran'ny Famonjena izany izy – *ils prêchent l'Evangile du Salut avec force et conviction*
  - handroso amin'ny fampitaovana ny fiangonana izy hahatonga ny fiangonana ho mahatoky tokoa eo amin'ny fanompoana ny Tompo – *ils cheminent vers l'outillage des chrétiens pour permettre à l'Eglise d'être fidèles dans le service du Seigneur*

### Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

#### Hira (Cantique) 283, 3-4 : Manan-jara, ry Jesosy :

3. Na ho voky na ho noana ny mpanomponao,  
Tsy handao ny fanompoana nametrahanao.  
Sitrakao ny fiahafiana ka mba tiako koa,  
Zakanao ny tsi-fisiana ka zakaiko koa.
4. Tsy ahiko ny handany, holanina koa,  
Fa famoizan-tsoa no hany ahefana soa.  
Na ny saiko na ny aiko, Andro, vola koa,  
Tsy mba misy holalaiko : foiko avokoa.

#### FANDRAVONANA – CONCLUSION :

#### Teksta – Texte : Rom. 12, 1-3 :

1 Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampom'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany. 2 Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao fa miova amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina. 3 Fa noho ny Fahasoavana nomena ahy dia izao no lazaiko amin'ny olona rehetra izay eo aminareo : « Aza miavonavon-kevitra ka mihevitra mihoatra noho izay tokony hoheverina, fa mihevera izay onony araka ny ohatry ny Finoana izay nozarain'Andriamanitra ho anareo avy ». Amen !

*1 Je vous encourage donc, frères et soeurs, par les compassions de Dieu, à offrir votre corps comme un sacrifice vivant, saint, agréable à Dieu. Ce sera de votre part un culte raisonnable. 2 Ne vous conformez pas au monde actuel, mais soyez transformés par le renouvellement de l'intelligence afin de discerner quelle est la volonté de Dieu, ce qui est bon, agréable et parfait. 3 Par la Grâce qui m'a été donnée, je dis à chacun de vous de ne pas avoir une trop haute opinion de lui-même, mais de garder des sentiments modestes, chacun selon la mesure de foi que Dieu lui a donnée. Amen !*

**Hira (Cantique) 298, 1 sy 3 : Aina no fetra, ry Tompo Mpanjaka :**

1. Aina no fetra, ry Tompo Mpanjaka,  
Aina no fetra anarahana anao,  
Ka ny faneva tsy maintsy ho zaka,  
Ny fanompoana tsy maintsy atao.

Fiverenana :

*Indreto izahay, hilaña faneva,  
Ilay Hazo izay nanavotana anay.  
An-tsitrapo no anoloranay tena,  
Ka tano mba ho Anao izahay.*

3. Aina no fetra, ry Tompo malala,  
Aina no fetran'ny fitiavanay.  
Ka sanatria izay handao na hiala,  
Mandrakizay, ho Anao izahay.

**Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :**

Rainay ô, izay any an-danitra,  
Hohamasinina anie ny Anaranao,  
Ho tonga anie ny Fanjakanao,  
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.  
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.  
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.  
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.  
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,*

*Que ton Nom soit sanctifié,*

*Que ton Règne vienne,*

*Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.*

*Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.*

*Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.*

*Et ne nous soumets pas à la tentation mais délivre-nous du mal.*

*Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

**Hira (Chant) AMF :**

Andeha isika hiaraka hihaino hiran'ny chorale iray indray - *Je vous propose d'écouter un autre chant chorale :*

**Tso-drano - Bénédiction : Nom. 6, 24-26 :**

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

*Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !*

Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

*Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa Grâce !*

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

*Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la Paix !*

**Fanirahana - Envoi :**

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fifaliana.

Isaorana anie Andriamanitra. Amen ! *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie. Gloire soit rendue à Dieu. Amen !*